

# Natao batisa i Jesoa Kristy

I Jaona Mpanao Batisa dia mpaminany. Nampianatra ny olona momba an'i Jesoa Kristy izy. Indray andro nanao batisa olona teo amin'ny Renirano Jordana i Jaona. Dia tonga i Jesoa. Nangatahiny i Jaona mba hanao batisa Azy.

Nilaza i Jesoa fa nandidy ny olona rehetra mba hatao batisa ny Ray any An-danitra. Te hankatò ny Ray any An-danitra Izy. Te hampiseho ohatra ho antsika Izy.

Nataon'i Jaona batisa tao amin'ny Renirano Jordana i Jesoa. Rehefa nivoaka avy tao anaty rano i Jesoa dia naheno ny feon'ny Ray any An-danitra ny olona. Hoy Izy hoe: "Ity no Zanako malalako Izay sitrako."

Afaka manaraka an'i Jesoa Kristy isika amin'ny alalan'ny fanaovana batisa. Faly ny Ray any Andanitra rehefa manaraka ny Zanakalahiny isika.

**Esory ity pejy ity ary aforeto roa. Hazony ambony ilay sary avy eo rehefa mitantara ilay tantara ianao.**




*Azonao vakina ao amin'ny Matio 3 io tantara io.*

SARY HOSODOKO NATAON'I GREG OLSEN

